

Toriteny

MIARA-MANDEHA AMIN'ANDRIAMANITRA

Nosoratan' i Cordell Liebrandt

Indray andro nisy tovovavy iray izay nanam-paniriana hanohy ny fianarany eny amin'ny ambaratonga ambony, saingy nalahelo ny fony rehefa tonga teo amin'ny fanontaniana iray tsy maintsy novaliany tao amin'ilay taratasim-panaadinana izy. « Manana toetran'ny Mpitarika ve ianao ? » Koa satria olona marina sady mahitsy amin'ny zavatra ataony ity vehivavy ity, dia « Tsia » no navaliny tao amin'ny taratasy, ary dia nateriny ilay taratasim-panadinana, sady foana teo koa ny fanantenany ny amin'ny tohiny. Tena tsy nampoiziny anefa ny valin'ilay fangatahana avy any amin'ilay sekoly ambaratonga ambony ka toy izao no valiny: « Rehefa nodinihinay ny taratasy fangatahana rehetra voarainay, dia hanana olona efa Mpitarika miisa 1.452 ny sekoly amin'ity taona ity. Koa dia nekenay ny fangatahanao hanohy fianarana ato aminay, satria tsapanay fa farafaharatsiny mba misy olona iray ho tarihin'ireo Mpitarika ireo ».

Ato anatin'ny tontolo iainan'ny olona mihoatra ny 7 lavitrisa, dia mila olona izay vonona hanara-dia an'i Jesosy ny fanjakàn'Andriamanitra. Ny olona dia, betsaka amintsika izay milaza ho mpanara-dia sy mpianatr'i Krisy no mikendry ny ho mpitarika ka manadino ny tena andraikitsika voalohany indrindra, amin'ny maha-Kristiana antsika, dia ny ho mpanara-dia Azy ao anatin'ny fanetren-tena. Alohan'ny ahatongavana ho mpitarika, dia ilain'ny mpianatra amin'ny maha-mpanara-dia azy, ny mibanjina sy mandinika akaiky ilay Mpampianatra.

Ireo rehetra izay manara-dia an'i Kristy dia hahatsapa isan'andro isan'andro ny fanatrehana masin'Andriamanitra, satria ho hitan'izy ireo ao anatin'ny vavaka sy ny fandinihana ny Tenin'Andriamanitra ny tena hevitra ny maha-mpianatra, sy hoe inona no takian'ny fiarahana amin'i Kristy sy ny fanompoana Azy. Ny mpianatra dia mihaino ary mampihatra izay nianarany. Eny ampiandohana dia mety tsy ho tanteraka ny fomba fahitany ny zavatra betsaka, koa dia ilainy ny milefitra sy manana fahavononana hianatra zava-baovao hahatakarany ny tena hevitra ny fahalehibeazana marina.

Ny vavaka no manome fotoana ny mpianatra handraisany ireo toromarika avy amin'ilay Mpampianatra sy ahafahany miresaka sy mifandray Aminy. Mampitandrina antsika Rahavavy Ellen White manao hoe « Tsy afaka hivelatra mihitsy ny fanahintsika rehefa tsy ataontsika ho fahazaran'ny saintsika ny mivavaka ». Izao koa no nosoratany « Ireo izay manao ny asa fanompoana ho an'ilay Mpampianatra dia mila manana traikefa ambony kokoa, lalina kokoa, mivelatra kokoa mihoatra noho ireo izay mihevitra efa manana izany. Maro amin'ireo izay efa mpikambana ao amin'ny ankohonana lehiben'Andriamanitra no tsy ampy fahalalana ny amin'ny atao hoe manome voninahitra Azy sy miova avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra ».

Hoy ny tenin'ny mpiara-mpiasa iray ao amin'ny Departemanta miadidy ny vehivavy: « Ny fanirantsika lalina amin'ny maha-olombelona lavo antsika dia ny ho tafaverina akaikin'ilay masina indrindra indray ». Maniry indrindra isika ny hahafantaran'Andriamanitra antsika sy ny hitiavany antsika tsy misy fepetra ; tiantsika ny mba hotiaviny – fa tsy ho very. Rehefa tadiavintsika fatratra ny hanana firaisana lalina amin'Andriamanitra toy ny zanaka lahy sy zanaka vavy, rehefa irintsika ny hitovy amin'i Jesosy amin'ny fihetsika sy ny fitenintsika, dia tafiditra ho mpianatr'i Kristy isika amin'izay. Koa satria miray amin'i Kristy isika, dia ampiraisin'ny fitsipika ara-panahy entin'ny vavaka

akaiky dia akaiky Aminy ny fontsika, dia hanaraka Azy mandrakizay isika –tsy ankijery ny sandan’ny maha-mpianatra (zavatra takian’ny mahampianatra) » – Rebecca Turner.

Rehefa mitombo ny fahatokian’ny mpianatra ny Mpampianatra, dia mankato Azy tsy am-pisalasalana izy, ary mirotsaka hanatanteraka ny asan’ilay Mpampianatra toy ny nataony ihany koa. Mba hahatonga ny Kristiana hahomby sy handresy, dia mila manaraka ny dian-tongotr’i Jesosy izy aloha, izay nanambara hoe... “Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy misy mankany amin’ny Ray afa-tsy amin’ny alalako » (Jaona 14 :6).

Amin’ity maraina ity isika dia handinika ny voalaza ao amin’ny Lioka 9: 57-62, hianarantsika amin’izany ny amin’ireo olona telo nanara-dia an’I Kristy sy ny resaka nifanaovany Taminy. Ho fantatsika avy amin’ireo fanandramana telo ireo ny tena antsoina hoe mpianatr’I Kristy.

57. Ary nony nandroso teny an-dàlana izy, dia nisy anankiray nanao tamin’I Jesosy hoe: ‘Hanaraka Anao aho na aiza na aiza halehanao’
58. Fa hoy Jesosy taminy: Ny amboahaolo manan-davaka ary ny voromanidina manana fialofana, fa ny Zanak’olona tsy mba manana izay hipetrahan’ny lohany.
59. Ary hoy Izy tamin’ny anankiray koa: Manaraha Ahy. Fa hoy kosa izy: ‘Tompoko, aoka aho aloha handevina ny raiko’.
60. Fa hoy Jesosy taminy: Aoka ny maty handevina ny maty ao aminy; fa ianao kosa mandehana ka mitoria ny fanjakan’Andriamanitra.
61. Ary hoy ny anankiray koa: Tompoko, hanaraka Anao ihany aho, fa aoka aho aloha handeha hanao veloma ny ao an-tranoko.
62. Fa hoy Jesosy taminy: Tsy misy olona mitàna fangady tarihina ary miherika ka miendrika ho ao amin’ny fanjakan’Andriamanitra”.

Andininy 57: Eo amin’ny tranga voalohany, dia hitantsika avy hatrany fa olona **miantanentana tsy am-piheverana** no eto. Milaza ny hanaraka an’I Jesosy izy raha tsy mbola naharay antso akory. Izany indrindra no antony nahatonga an’I Jesosy nampitandrina azy, sao tsy fantany akory ny zavatra ataony. Toa tsy azony tsara ny zavatra miandry azy raha manapa-kevitra ny hiaina miaraka amin’I Jesosy izy.

Andininy 59: Ao amin’ny tranga faharoa indray dia nihaona tamin’olona mbola **vesaran’ny andraikitra sy ny olan’ny fiainana andavanandro** Izy. Teto dia tena niantso azy Jesosy ary nampiasa fiteny somary manery manao hoe ‘Manaraha Ahy’. Saingy ny valin-tenin’ilay lehilahy dia maneho fa mbola ory noho ny namoizany olon-tiana izy. Noho izany dia mbola nitomany sy naniry handevina ny rainy izy mialoha ny hanarahany an’I Kristy. Nahatsiaro faniriana mafy ny amin’ny tokony anarahany an’I Kristy izy; saingy tetsy an-daniny dia nahatsapa koa izy fa misy laharam-pahamehana hafa, dia ny andraikitra izay tokony ho tanterahany teo amin’ny fiaraha-monina aloha. Teo amin’ny fotoanan’ny kihon-dàlana teo amin’ny fiainany ity olona ity teto. Tokony ho nanaraka an’I Jesosy ve izy aloha ka nampandefitra ny adidy mila nefainy? Fantany fa tsy misy na inona na inona eto an-tany, na dia mavesa-danja toy inona za, tokony hanelanelana ka hampisaraka azy amin’I Kristy.

Andininy 61: Tranga fahatelo, olona **nizarazara hevitra** ity olona iray ity. Nanambara ny faniriany hanara-dia an’I Jesosy izy ka nilaza hoe, “Tompoko, hanaraka Anao aho”, saingy avy eo izy dia nilaza fa handeha hiverina hanao veloma ny ankohonany ‘aloha’. Hitantsika eto, fa mahafantatra tsara ity olona ity fa ny fanarahana an’I Jesosy no zavatra tokony hatao, saingy mila mandamina ny olona azy manokana izy aloha – amin’ny fotoana tiany hanatanterahana izany.

Mety hanana antony mitombona isika tsy ahafahantsika manaraka an'I Kristy avy hatrany sy tsy misy hataka andro. Firy amintsika tokoa moa no mampiasa fialan-tsiny toy izany? Na koa mampanantena ny hanao zavatra iray isika, nefa avy eo dia tsy manatanteraka izay nolazaintsika akory.

Amin'ity maraina ity isika dia hijery ireo lafiny telo mahakasika ny maha-mpianatra na mpanara-dia an'I Kristy. Voalohany amin'izany dia ny antso ho tonga mpianatra, faharoa ny sandan'ny maha-mpianatra, ary fahatelo dia ny fiantraikan'ny maha-mpianatra. Mampitandrina antsika I Jesosy fa mialoha ny *hamaliantsika ny antso*, dia ilaintsika ny *mahafantatra ny zavatra takian'izany*, sy ny *vokatry ny fanekentsika ny antso* ho tonga mpianatra. "Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenanay, dia hitondra ny hazo fijaliany isan'anro ka hanaraka Ahy" (Lioka 9:23).

I. NY ANTSO HO TONGA MPIANATRA

Nanakoako ary nitety ny taon-jato maro mandraka ankehitriny ny lovan-tsofina nentin'ilay baiko manao hoe 'Andeha hanaraka Ahy' na 'Manaraha Ahy'. Ny famaliana izany antso-baiko ataon'I Jesosy izany no fanapahan-kevitra lehibe indrindra manova fiainana izay tsy maintsy hataon'ny tsirairay. Saingy, misy feo maro dia maro koa rentsika eran'izao tontolo izao, izay samy miantso ny fahalianantsika: ao ny mitaky fotoana betsaka avy amintsika, mangataka angovo avy amintsika ary maro ny miandry ny firosahantsika lalina. Ho an'ny sasantsasany amintsika, mety ho antso hidirana ao anatin'ny fikambanana iray izany, mety antso hanohana hetsika, na koa antso hanaraka hiaka farany amin-javatra iray.

Nandritry ny taona maro nifandimby, dia betsaka ny hetsika isan-karazany mahasarika izay miantso mpanara-dia sy mpanohana azy: ao ireo miantso olona ho amin'ny foto-pinoana iray, ary ao ireo mpanakanto mpihira sangany izay misarika mpankafy ho azy. Eo afovoan'izany feo mifangaro sy mikorontana rehetra izany, dia misy feo iray koa mangataka ny henoina – io ilay feo miantso antsika ho tonga mpianatra. Betsaka no nisafidy tsy hihaino io antso hanaraka Azy io, nefa dia vao mainka mihamafy noho ny tamin'ny roa arivo taona mahery lasa izany feo izany ankehitriny. Manasa ny olona rehetra, lehilahy sy vehivavy I Jesosy, mba ho tonga 'tena mpianatra' amin'ny alalan'ilay antso manao hoe 'Andeha hanaraka Ahy' na hoe 'Manaraha Ahy'.

Ny tantaran'I Simona Petera sy Andrea rahalahiny (ao amin'ny bokin'ny Matio 4:18-20) dia maneho amintsika ilay antso voalohany ho tonga mpianatra. "Ary nony nitsangatsangana teny amoron'ny ranomasin'i Galilia I Jesosy, dia nahita olona mirahalaky, dia Simona izay atao hoe Petera sy Andrea rahalahiny nanarato teny amin'ny ranomasina, fa mpanarato izy". "Andeha hanaraka Ahy fa hataoko mpanarato olona ianareo". Manambara amintsika I Matio fa nandao ny haratony avy hatrany izy ireo dia nanaraka Azy. Mbola niverina io *valiny tsisy hataka andro* io raha niantso an'I Jakoba sy Jaona rahalahiny I Jesosy. Dia nandao ny sambokeliny sy ny rainy niaraka tamin'izay (avy hatrany) izy ireo ary nandeha nanaraka an'I Jesosy tsy nisy fisalasalàna na niahotra (and 21.22). Nandao ny asa aman-draharahany, ny fananany ary ny fianakaviany izy ireo. ***Ny antso ho tonga mpianatra dia tsy mamela toerana ho an'ny fisalasalana na ny tsy fanapahan-kevitra, ary mitaky asa avy hatrany.***

Teo no ho eo dia nandao ny zava-drehetra ireo olona ireo satria zavatra manan-danja indrindra izany hoe nantsoina mba hanara-dia ny Mpampianatra izany. Ireto mpanjono ireto dia tsy hoe nanan-javatra be misongadina amin'ny lafiny fahalalana tsy akory – angamba aza tsy nampiseho fironana ara-panahy dia manao ahoana akory ihany koa – ka hoe mendrika ny ho tonga mpianatr'ilay Raby.

Saingy tsapan'izy ireo fa Jesosy no naneho hoe *'mendrika ny ho mpianatra hianareo, ho tonga raby tahaka Ahy koa, hampiely ny filazantsara amin'ny anarako rehefa tsy ho eo intsony aho'*. Miantso ny vahoakany ho amin'ny fanekena vaovao amin'ny alalan'ny fifandraisana Aminy Jesosy. ***Ny antso ho tonga mpianatra dia avy amin'Andriamanitra mihitsy fa tsy avy amin'ny olona.*** Miantso lehilahy sy vehivavy vonona handà ny tenany I Kristy, olona hitondra ny hazo fijaliany sy hanaraka Azy. Ny antso ho tonga mpianatra dia antso ho amin'ny fankatòavana – Jesosy no miantso, ary anjarantsika kosa ny mamaly ny antso.

Tahaka ny tamin'ny Petera sy Andrea, Jesosy dia miantso antsika hataony ho mpanarato olona. Miantso ny maro hanaraka Azy ho tonga mpianatra Jesosy. Tsy ny rehetra anefa no vonona hirotsaka lalina amin'izany na ho tonga mpianatra vaovao, na dia toa miaina ao anatin'ny fiainana maha-mpianatra aza ny fahitana azy ety ivelany. Misy ireo manaraka an'ny Kristy satria mahavita fahagagàna mahatalanjona izy, ny sasany kosa manantena fa hahazo toerana ambony ao amin'ilay fanjakàny ho avy, ary ny hafa moa dia liana te-hahafantatra tsotra izao fotsiny.

II. NY VIDINY NA NY ZAVATRA TAKIAN'NY MAHA-MPIANATRA

Tranga Voalohany:

Rehefa mamaky ny andininy 57 amin'ilay ao amin'ny Lioka 9 isika, dia mahita fa nandeha teny andalana i Jesosy sy ny mpianany no nifanena tamin'olona vonona ny hanaraka an'ny Jesosy sy ho tonga mpianatra. "Tompo ô, hanaraka Anao aho na aiza na aiza no alehanao", tamin'ny *fientanam-po tsy voahevitra* no nanomezany izany toky izany.

Tsy niantso azy mba hanaraka Azy I Jesosy, ary mbola manontany tena isika hoe nahoana àry no tsy nahafaly an'ny Jesosy ny fikasàn'ity lehilahy ity hanaraka Azy toy ny mpianatra. Mila dinihintsika tsara ny valin-tenin'ny Jesosy ao amin'ny andininy faha-58 manao hoe: "Ny amboahaolo manan-davaka, ary ny voromanidina manana fialofana; fa ny Zanak'olona tsy mba manana izay hipetrahan'ny lohany". Tsy nanan-javatra teto amin'ity tany ity hatolotra azy I Kristy. Ren'ny Jesosy tao amin'ny valin-teniny maimaika fa tsy nihevitra tsara, tsy nahatakatra tsara ny zavatra takian'ny fanarahana an'ny Kristy ilay lehilahy teto. Hitan'ny Jesosy ny tao am-pony, ary tsapany fa tsy mbola vonona hahafoy ny zavatra rehetra ho amin'izany izy.

Ny fahatongavana ho mpianatra dia mitaky ny handaozantsika ny zavatra rehetra sy ny olona rehetra ho amin'ny fiainana feno fihafiana sy fahafoizantena.

Ny antontan'isan'ny Tantara dia manambara amintsika, fa hatramin'ny nahafatesan'ny Kristy sy ny nitsanganany efa 2000 taona mahery izao, dia eo amin'ny 43 tapitrisa eo ho eo ny isan'ireo maty maritiora satria nanapa-kevitra hanaraka an'ny Kristy izy ireo na inona na inona sandany. Ankehitriny koa na amin'ny vaovao maneran-tany ireny aza, dia mbola mandre isika fa misy maritiora novonoina na naiditra am-ponja noho ny finoany.

Tamin'ny 9 Aprily 1945, dia nisy lehilahy 7 novonoina teo amin'ny tsato-kazo fanaovana izany nataon'ireo miaramila Alemana Nazi. Nahantona teo amin'ny hazo izy ireo satria nanohitra ny fahefàna Nazi nentin'ny Hitler, ary satria nijoro tamin'ny filazantsara. Anisan'ireo maritiora ireo ny pasitora tanora iray nantsoina hoe Dietrich Bonhoeffer, izay nanoratra ilay boky manahirana sy feno

fihantsiana, mitondra ny lohateny hoe *'The Cost of Discipleship'* (*'Ny Zavatra Takian'ny maha-Mpianatra'* amin'ny dika teny malalaka). Voasorany ao anatin'io boky io ny zavatra lehibe indrindra takian'ny fanarahana an'I Kristy, ary mampitandrina koa izy fa zava-doza ny manamaivana na manao ho maiva-danja izany fiantsoana ho tonga mpianatra izany na manao azy ho toy ny fahasoavana mora vidy na 'cheap grace'.

Io "Fahasoavana mora vidy" io no fahavalon'ny fiangonana hoy ny voalazany, satria tsy mitaky na inona na inona avy amintsika izany ilay izy. Mitady famelàkeloka nefa tsy mitaky fankatòavana sy firosoana ho tonga tena mpianatra.

Ireo izay mihevitra fa mora ny fiainana maha-Kristiana ary mitondra fiainana miroborobo, dia mila mamerina mandinika ny tenin'I Kristy voalaza tery ambony, izay hitantsika ao amin'io toko sy andininy io ihany. Ao amin'ny Lioka 9: 23-25 I Jesosy dia nilaza fa raha te-hanaraka Azy isika, dia mila vonona mamela ny fisainana te-hiadana rehetra ary hitondra ny hazo fijaliana isan'andro.

Ny antso ho tonga mpianatra dia antso hitondràntsika ny hazo fijaliantsika isan'andro mba hanaraka Azy.

Nampian'I Jesosy ny fanambarany fa, tsy hahasoa ny olona iray raha mahazo ny haren'izao tontolo izao izy nefa very mandrakizay ny fanahiny.

Azo porofoina àry fa ny sarotra indrindra amin'ny maha-mpianatra dia ny manaiky ny fepetra hoe tsy tombony eto amin'ity tany ity no azontsika amin'izany. Toa mifanohitra amin'ny natiora-tsika mihitsy nefa izany. Isika rehetra dia samy manana faniriana lalina hivoatra, hametraka tanjona amin'ny fiainana, ary hanao izay hananantsika ny ilaina rehetra hampilamina eo amin'ny fiainana.

Ny antso ho tonga mpianatra dia fisarahana amin'ilay fiainantsika teo aloha. Amin'ny teny hafa dia izao, miova ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainantsika, tsy maintsy miova, mba ahafahantsika mankato an'I Kristy sy mametraka Azy ho loharana ao.

Indray andro dia niteny toy izao I Martin Luther: "Ny fivavahana na antokom-pinoana izay tsy manome na inona na inona, tsy mitaky na inona na inona ary tsy miaritra na inona na inona, dia tsy misy tombam-bidiny".

Rehefa nandeha ny ady hevitra momba ny zavatra takian'ny maha-mpianatra, dia mila heverintsika koa ny sandan'izany tamin'I Kristy Izy tenany mihitsy, mba hanome antsika fahafahana ho tonga mpianaNY.

- Ny fahafahantsika ho tonga mpianatra dia nandaozan'I Kristy ny fideràna sy fiankohofana nataon'ny anjely Taminy tany ana-danitra, satria natakalongy fiainana ratsy feno fanimbazimbàna sy fankahalàna teto an-tany izany.
- Ny fahafahantsika ho tonga mpianatra dia namoizan'I Jesosy ny voninahitra sy ny hatsaràn'ny lanitra, izay natakalongy ny fiainana feno fijaliana sy fanetren-tena tety.
- Ny fahafahantsika ho tonga mpianatra dia nahatonga ny firaisan'I Kristy tamin'ny rainy tany an-danitra hitsahatra, firaisana izay natakalo ny rindrina nampisaraka Azy tamin'ny Ray.
- Ny fahafahantsika ho tonga mpianatra dia namoizan'I Jesosy ny fiainany, ka nosoloina fahafatesana nanaintaina mafy teo amin'ny hazo fijaliana.

Tian'I Jesosy ny olom-bery ka nanaiky handoa ny sandan'ny fahotàna Izy mba hanavotana antsika. Izany rehetra izany no tombam-bidy lehibe napetrany amintsika.

III. NY VOKANY NA NY FIANTRAIKAN'NY MAHA-MPIANATRA

Tranga Faharoa:

Ao amin'ny andininy 59, ilay fihaonana faharoa dia maneho olona iray mety ho tonga mpianatra, izay nandray ny antso manao hoe "**Manaraha Ahy**". Naniry ny hanaraka an'I Kristy izy, saingy mbola voasakan'ny *andraikitra maningotra* azy teo amin'ny fiainana, ka nanambara fa tokony handeha handevina ny rainy izy aloha. Koa satria tamin'izany dia tokony halevina ny androt'io ihany ny maty, ny filazàna fa mbola handeha hiverina handevina ny rainy dia midika hoe, mety hisy fihemorana ny fanarahany an'I Jesosy; izany no vokatry ny fanatanterahany ny andraikitra amin'ny maha-zanaka sy mpandova azy.

Io fomba any amin'ny faritra akaiky-atsinanana io (Proche-Orient), [avelao aho aloha handeha handevina ny raiko], dia maneho tokoa ny anjara adidiny sy andraikiny amin'ny maha-zanaka azy, izay tokony hanampy ny rainy amin'ny fiompiana na/sy ny raharaha ao an-tranony mandrapahafatin'ny rainy. Mety haka fotoana misimisy ihany tokoa izany anjara andraikitra izany.

Eo amin'ny andininy faha 60, dia namaly ilay nantsoina ho mpianatra I Jesosy, tamin'ny fomba tsy dia mahazatra loatra anefa. Hoy izy: 'Aoka ny maty handevina ny maty ao aminy, fa ianao kosa mandehàna ka mitoria ny fanjakàn'Andriamanitra'. Angamba I Jesosy te-hanambara hoe, izay efa maty ara-panahy no aoka handevina ny maty. Tamin'ny fotoana iray hafa I Jesosy dia nanambara tamin'ny mpihaino Azy toy izao ihany koa, 'Raha misy manaraka Ahy, ka tsy mankahala ny rainy sy ny reniny sy ny vadiny sy ny zanany, sy ny rahalahiny sy ny anabaviny, eny ary ny ainy koa aza, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy' (Lioka 14: 25). Rehefa nadika izany teny izany dia toa henjana ihany, saingy notsindrin'I Jesosy mihitsy fa tsy misy zavatra tokony ataontsika ho loha-laharana ankoatran'ny eo amin'ny fiainantsika.

Ny vokatry ny fahatongavana ho mpianatra izany dia ny mametraka ny didin'I Jesosy ho laharam-pahamehana voalohany eo amin'ny fiainantsika.

Tranga Fahatelo:

Andininy faha 61, mbola misy olona iray indray voalaza eto maniry ny hanara-dia an'I Jesosy saingy mizara ny heviny. Mbola hiverina hanao veloma ny any an-tranony izy aloha.

Raha jerena maimaika, dia ohatra hoe te-handeha hampahafantatra ny fanapaha-keviny amin'ny ankohonany fotsiny ity lehilahy ity, hanambara azy fa handeha hanaraka an'I Jesosy izy ka dia hanao veloma azy ireo. Rehefa dinihina akaiky anefa dia izao, mbola naka fotoana kely izy aloha satria mila mandamindamina ny raharahany. Azo lazaina koa hoe, misy fepetra tiany hofenoina aloha. Raha miverina any an-trano mba hanao veloma izy, mety hisy hiezaka hanova ny fanapaha-keviny. Hisy fotoana hihainoany ny hevity ny hafa manodidina azy. Na koa mety hisy zavatra hanahirana hitazona azy indray, ka hahavariana azy tsy hiverina eo amin'I Jesosy.

Ny vokatry ny fahatongavana ho mpianatra dia ny maneho fitiavana amin'ny ankohonantsika, nefa tsy mamela azy hanelingelina ny fitiavantsika an'Andriamanitra sy ny faniriansika hankato ny didiny.

Maro ny olona te-hanara-dia an'I kristy saingy be loatra ireo sakana tsy hahatanterahany izany ka tsy tena miroso izy. Na inona na inona anefa mety ho antony mitombona tsy hanarahantsika an'I Kristy

avy hatrany, na olona izany na antony hafa, dia azo heverina hoe ataontsika manan-danja noho I Kristy izany. Vokany? Manambara amin'ny Tompo isika fa hanaraka Azy, dia tohizantsika hoe 'SAINGY' indray avy eo. Na koa milaza ny hanara-dia an'I Kristy isika saingy misy zavatra tsy maintsy ataontsika 'ALOHA'.

Betsaka tamin'ireo nantsoina no nanome toky fa hanara-dia an'I Jesosy fa vitsy no nahatanteraka ny toky nomeny. Mety hanam-paniriana tokoa isika hanefa ny voadintsika, saingy ny zavamisy eo amin'ny fiainana mazàna no mitondra antsika mihodina tsy hahefa izany. Iza tamintsika no tsy mbola nanome toky hanao zavatra iray, nefa dia tsy viantsika akory izany avy eo?

Betsaka amin'ireo '**tokony ho lasa Kristiana**' niova finoana no very, satria misy amin'ny mpianakaviny no manao tsindry ara-pihetseham-po ka mampiova ny fanapaha-keviny tsy hanara-dia an'I Kristy indray. Voalazan'ny Baiboly mazava tsara fa 'Andriamanitra no tokony hekena mihoatra noho ny olona'.

Amin'ireo teny nataon'I Jesosy dia betsaka ny toa henjana sy manahirana ny mandre azy, satria mitaky zavatra betsaka amin'ilay mpihaino izany. Mazàna isika dia angatahana hanao na hanolotra betsaka lavitra noho izay fointsika. Mijanòna ihany eo amin'ny Lioka 9, saingy handeha hiverina kely ao amin'ny Matio 19: 16-22 isika, izay mitantara ny amin'ilay zatovolahy mpanankarena.

¹⁶ Ary indro nisy anankiray nanatona Azy ka nanao hoe, Mpampianatra tsara ô, inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay?

¹⁷ Fa hoy Jesosy taminy: 'nahoana Aho no anontaniana ny amin'izay tsara? Iray no tsara; fa raha tehiditra any amin'ny fiainana ianao, tandremo ny didy'

¹⁸ Hoy ralehilahy Taminy: inona avy moa?

Dia hoy Jesosy: 'Ny hoe aza mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, aza mety ho vavolombelona mandainga,

¹⁹ Manajà ny rainao sy ny reninao, ary tiava ny namanao tahaka ny tenanao'.

²⁰ Hoy ilay zatovo taminy: 'Izany rehetra izany efa voatandriko avokoa, fa inona no tsy mbola mahatanteraka ahy?'

²¹ Dia hoy I Jesosy taminy: 'raha te-ho tanteraka ianao, mandehàna amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy'.

Notohizan'I Matio ny tantara, raha nanome ny valiny mampalahelo ilay tovolahy teo anatrehan'izany antso ho amin'ny fahasoavana izany.

²² Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin'alahelo izy, satria nanana fananana be'.

Hitantsika ato amin'ity tantara ity fa mety hisy ny fankatòavana ny lalàna kanefa tsy mbola tena manaraka an'I Jesosy. Zavatra roa tsy mitovy izany.

Ny vokatry ny fahatongavana ho mpianatra dia ny fankatòavana ny lalàna sy ny fankatòavana hatrany an'I Jesosy koa.

Andeha hiverina any amin'ny Lioka 9 : 62 isika. Nampiharina I Jesosy ny fomba fiteny tamin'izany andro izany mba hilazàny hafatra ara-panahy lalina iray. Aoka isika hihaino sy handinika fatratra: "Tsy

misy olona mitàna fangady tarihina ary miherika, ka miendrika ho ao amin'ny fanjakàn'Andriamanitra". Inona no hevitra ny hoe hitàna fangady tarihina? Izany fomba fiteny izany dia midika hoe manana raharaha na mitàna sy manatanteraka andraikitra. Manambara koa izany fa raha tantsika ny handresy amin'ny dia izay ataontsika, dia mila mibanjina ny any aloha mandrakariva isika fa tsy miherikerika.

Mety hisy fotoana hiherika isika dia hanenina ny amin'ny zavatra izay nataontsika ka hanao hoe, tahaka izay tsy nataoko toy iny. Eo amin'ny lafiny ara-panahy, mila raisintsika amin'ny fontsika manontolo ny fanapahan-kevitra ho tonga mpianatra ary tsy hitodika any aoriana mihitsy ndrao hanenina isika.

Mampitandrina antsika ary I Kristy fa ny miherika dia mety hahatonga antsika tsy ho tafiditra ao amin'ilay fanjakàn'Andriamanitra. Hoy indrindra izy: "Tsarovy ny vadin'I Lota. Na iza na iza mitady hamonjy ny ainy dia hahavery azy". Lioka 17: 32, 33. Efa niroso nanaraka ny anjely hivoaka ny tanàna ny vadin'I Lota, saingy ny fony dia mbola tafajanona tao Sodoma. Rehefa niherika izy, dia tonga vongan-tsira (Genesisy 19: 26).

Miresaka ny amin'ny fisalasalàna toy izany koa I Jakoba, ny tsy fandraisana fanapahan-kevitra handroso na hiverina, ka hoy indrindra izy : "olona miroa saina izy, mioavovava amin'ny alehany rehetra" (Jakoba 1: 8).

Dia toy izany koa, rehefa manatona an'I Jesosy isika nefa mbola maniry ny zavatra ny tany ary tsy vonona ny hahafoy ireny mba hametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana eo amin'ny fiainantsika, dia tsy mbola vonona ho an'ny fanjakàn'Andriamanitra isika izay. Mila manohy mandroso isika, ary mamela an'Andriamanitra hitarika antsika, fa tsy amin'ny fitodihana any amin'ny ankohonana, ny namana, na ny fahafinaretan'ny tany.

Rehefa tsy manapa-kevitra isika dia manomboka tsy matoky an'Andriamanitra, ary izany no mahatonga ny ankamaroantsika manala tena tsy hiditra any amin'ny fanjakàn'ny lanitra. Rehefa miteny isika hoe 'Hanaraka Anao aho, saingy alohan'izany dia...' - dia maneho ny ahiahintsika tsy hametraka ny fiainana sy izay ananantsika eo amin'Andriamanitra izany. Vao mainka aza isika mametraka ny fitokisantsika amin-javatra izay tsy hahazoantsika ny fiainana mandrakizay toy ny fananana, ny asa, ny toerantsika eo anivon'ny fiarahamonina ary ny volantsika.

Izao no voalaza ao amin'ny Ohabolana 3:5: 'Matokia an'I Jehovah amin'ny fonao rehetra, f'aza miankina amin'ny fahalalanao". Na dia tsy mitondra ho amin'ny famonjena mivantana aza ny fijaliana sy ny tsy fisiana (privation), dia mampitombo ny fitokisantsika sy fiankinantsika tanteraka amin'I Kristy izany.

Mitovy amin'izany ihany ny hevitra lazain'ny Hebreo 10: 38 manao hoe: "ary ny oloko marina dia ho velon'ny finoana. Fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko". Ambaran'I Paoly àry fa azo tanterahana ny fahatongavana ho mpianatra raha miaina am-pinoana isika, saingy tandindomin-doza kosa ny famonjena antsika raha tsy eon y finoana.

Nisy mpandaha-teny ikoizana iray, Charles Spurgeon nilaza fa 'mahavonjy ny fahatokiana an'Andriamanitra, ary ny tsy fitokiana Aminy dia midika fa tsy novonjany isika'. *'Ny mampivavaka ny antso ho mpianatra dia ny fahafahantsika hitodika any aoriana, tsy mahatazana an'I Jesosy, manadino ny miankina Aminy, fa ny vokany dia afoy ny famonjena'*.

Tamin'ity maraina ity isika dia nahita fa ny maha-mpianatra marina dia mitaky antsika:

- Hamaly ny antson'ny Jesosy amin'ny fanapahan-kevitra sy fahavononana – satria tsy misy toerana ho an'ny fisalasalana sy fangatahan'andro
- Hanaraka an'ny Jesosy amim-pankatoavana – eny na dia mety hiteraka fijaliana sy fandavantena be aza izany
- Mba hatoky tanteraka an'Andriamanitra ary hamaly am-pinoana, tsy am-pisalasalana
- Hametraka ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ho voalohany amin'ny laharam-pahamehana – ao anatin'izany ny vavaka isan'andro sy ny fandinihana ny Teniny.
- Handà isan'andro ny fahafinaretan'izao tontolo izao, izay mahatonga antsika hiherika raha tokony handroso.

Na dia tsy azo antoka aza ny fiainana, dia ity misy zavatra iray azo antoka. Na inona na inona angonintsika sy azontsika ety an-tany, na inona na inona ifofoantsika mafy, dia tsy hisy haharitra. Mandalo avokoa izany, ary tsy misy tombam-bidiny any amin'ny mandrakizay. Tahaka ny zavona maraina misava amin'ny misandratra andro ireny. Tena mifanohitra tanteraka amin'izany kosa ny tolotra ataon'ny Jesosy antsika – fiainana manandrakizay any an-danitra sy ny tany vaovao. Hiaina mandrakizay miaraka amin'ilay Andriamanitsika ny fiainana tsy manam-pahataperana isika, izany dia manan-danja mihoatra lavitra noho izay rehetra atolotry ny tany antsika.

Ety am-pamaranana dia andeha hanopy maso ny fiainantsika ankehitriny ka hametraka amin'ny tenantsika ireto fanontaniana sarotra ireto.

- Inona no fananana na zavatra mampetipety ny fiainako izay apetrako alohan'Andriamanitra eo amin'ny fiainako?
- Inona no fifandraisana manan-danja kokoa amiko miohatra amin'ny fifandraisako amin'ny Kristy?
- Inona na iza no iankinako amin'ny fiainana hanome ahy izay ilain'ny fiainako?

Ilaintsika ny matoky an'ny Jesosy satria tsy misy làlana hafa ahazoantsika sitraka amin'ny maha-mpianatra antsika.

Notahiana manokana isika noho ny nandraisantsika ny fahamarinana mandrakizay ary mila mampita izany hafatra izany amin'izao tontolo izao izay miandry izany koa. Mbola mitombona ankehitriny ny antso nataon'ny Jesosy hoe “Manaraha Ahy” ary miantefa amin'ny tisiray izy io. Amana lavitrisa ny olona miandry mba handre ny hafatry ny filazantsara. Vonona hijoro ve ianao, hamela ireo mahatamàna sy mampetipety ny fiainanao, hahafoy ny zava-drehetra ary hitaona mpianatra ho an'ny Tompo?

Andriamanitra anie hitahy anao raha mivavaka amin'ny fo ianao mba hirotsahan'ny fanahy masina mivatratra aminao, ho setrin'ny fanolorantenanao ho tena mpianatra.